

# **Tari-dalana ho amin'ny**

Sabata fifadian-kanina sy fiaraha-mivavaka

## **Vavaky ny mpamaky lay : Miasa ny vavaka**

Taona 2020, telovolana voalohany  
Sabata 4 Janoary

**Fifohazana**

sy Fanavaozana

Nomanin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, niaraka tamin'ny vaomieran'ny Fifohazana sy Fanavaozana. Nosoratan'i Richard Constantinescu ho an'ny prôgrama maneran-tany, Sabata Fifadian-kanina sy Fiaraha-mivavaka.

Tsidiho ny [www.revivalandreformation.org](http://www.revivalandreformation.org), raha mila fanazavana fanampiny.

# Fizahan-takila

Nahoana no misy ny Sabata Fifadian-kanina sy Fiaraha-mivavaka ? .....	4
Tari-dalana fandrindrana ny fandaharam-potoana .....	5
Soso-kevitra mahakasika ny endriky ny fandaharam-potoana .....	6
Fanampiny .....	8
Toriteny : "Miasa ny vavaka" .....	9
Tari-dàlana ho amin'ny Fijoroana Vavolombelona mandritry ny Fotoam-bavaka .....	13
Ambangovangon'ny Vavaka : Vavaky ny Mpamaky Lay .....	16
Fanasana ho amin'ny Vavaka sy Fifadian-kanina (Ataovy dika mitovy ho an'ny mambra rehetra, herinandro mialoha) .....	18

# Nahoana no misy ny Androm-bavaka sy Fifadian-kanina manokana ?

Alaivo sary an-tsaina hoe raiamandreny ianao, handao tsy ho ela ireo zanakao, ary fantatrao fa tsy hifankahita amin'izy ireo intsony ianao, mandra-pihavin'ny Fanjakan'ny lanitra. Inona no zava-dehibe indrindra mety ho azonao lazaina amin'izy ireo ?

Nanoloana toe-java-tsarotra toy izany koa i Jesosy raha niomana ny hiverina ho any an-danitra, taorian'ny nanombohana azy tamin'ny Hazo Fijaliana. Inona no teny navesa-danja indrindra tamin'ireo hafatra farany napetrany ho an'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka farany sy ny torohevitra nomeny, ao amin'ny Jaona 15-17 isika, dia hahita ny fiverimberenan'ireo lohahevitra ireo : firaisansa, fitiavana, ary ny fikatsahana an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ho an'ilay fiangonany mbola loatra ny hiombonany ao amin'ny tanjona, ny firindrana ary ny iraka. Ankehitriny, manoloana ny fihanaky ny fanatontoloana eto amin'izao tontolo izao, dia ilain'ny firenentsika, ny fiangonantsika ary ilaintsika koa ny mandray am-po ny torohevitra izay nomen'i Jesosy ny amin'ny tokony hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahana mandroso ho amin'ny fanatanterahana ny iraka. Toa mampatahotra sy sarotra tanterahana amin'ny maha-olombelona antsika izany andraikitra izany. Izany indrindra no antony ilàna ny fivavahantsika, mihoatra ny tamin'ny lasa rehetra, ho amin'ny fahagagan'ny fampiraisana, izay tsy misy afa-tsy Andriamanitra irery ihany no afaka manome azy.

Manasa anao izahay mba hivavaka « ao amin'ny efitranonao ». Manasa anao izahay mba hivavaka miaraka amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana misy anao. Ary manasa anao izahay ho amin'ny prôgramma fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina izay iarahana amin'ny fiangonana maneran-tany, ao anatin'ny tetik'asa Fifohazana sy ny Fanavaozana. Mety hisafidy ny tsy hifady hanina mandritry ny tontolo andro ianao. Angamba mety hifady ireo tsindrin-tsakafo samihafa fotsiny ianao, na ny fampiasana ireo tambajotra ara-tsôsialy samihafa, na hisafidy tsy hihinana afa-tsy ny vokatra avy amin'ny zava-maniry ao anatin'ny fotoana fohy.

"Ankehitriny sy mandra-pifaran'ny fotoan'andro, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony hafana fo kokoa, hifoha kokoa, ary tsy hitoky amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'llay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana andro hivavahana sy hifadiana hanina izy ireo." (Ellen G. White, Review and Herald, 11 Feb. 1904).

Rehefa misafidy ny hifantoka misimisy kokoa amin'ny vavaka ianao, dia hitahy anao Andriamanitra ary hanome herim-po anao hiatrehana ireo fihaikana manoloana anao isan'andro.

Cindy Tutsch  
Ho an'ny vaomieran'ny Fifohazana sy Fanavaozana

## **Soso-kevitra ny amin'ny fandrindrana ny fandaharam-potoana**

Fandaharam-potoana ho amin'ny tontolo andro :

- Ao amin'ny pejy fanampiny (Appendice) amin'ity tahirinkevitra ity dia ahitana toriteny mitondra ny lohahevitra hoe « Miasa ny vavaka ». Azo ampiasaina mandritry ny fanompoam-pivavahana maraina, na atao fampaherezana mandritry ny fotoambavaka izany. Raha amin'ny fotoanan'ny fanompoam-pivavahana maraina ho hampiasana azy dia indro misy tantara fohy ho an'ny ankizy arosonay eto ambany.
- Misy ihany koa sosokevitra mahakasika ny fomba fandrindrana ny fotoam-bavaka amin'ny folakandro. Ny toromarika avy aty aminay dia tokony haharitra adiny 1 hatramin'ny adiny 2 ity fotoana manokana ity. Misy ihany anefa ireo izay misafidy ny hiara-hivavaka mandritry ny tapak'andro hariva mihitsy. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika.
- Ataovy dika mitovy ary zarao herinandro mialoha, farafahakeliny, izay tsara ho fantatra mahakasika ny fifadian-kanina, mba hahafahan'ny mambra mahatakatra ny hevity ny « fifadian-kanina » sy ny « vavaka », ary mba hahafahan'izy ireo mijery mialoha izay ahafahany mandray anjara mandritry ny fifadian-kanina. Misy tari-dalana mahakasika izany ao amin'ny pejy fanampiny.
- Ataovy dika mitovy ho an'ny mpanatrika rehetra ny tari-dalana ho amin'ny fotoambavaka.

Vakiteny fototra : Efesiana 3:20

Soso-kevitra Tantara ho an'ny ankizy : *Lazao ny fomba nampiasan'i Jesosy ny Heriny Mahagaga, mba ho fanampiana ny hafa.*

Ireo teboka tsara hmafisina :

- Mandritry ny fotoana fohy, mitantarà iray amin'ireo zava-mahagaga nataon'i Jesosy.
- Afaka nanao fahagagana maro isan-karazany i Jesosy (nanasitrana, namahana vahoaka maro, nanangana ny maty).
- Nahafoy tena mandrakariva i Jesosy nanompoana ny hafa ary, na oviana na oviana, dia tsy mba nanompo ny tenany Izy.
- Azon'i Jesosy natao ny niantso anjely an'arivony mba hamonjy Azy tamin'ny fampijaliana, kanefa raha tsy maty teo Kalvary Izy, tsy afaka namonjy antsika – izay no fifaliana lehibe ho Azy.
- Raha manaraka an'i Jesosy isika dia ny miasa ho an'ny hafa no fifaliana lehibe ho antsika.
- Tian'Andriamanitra ny mamaly ireo vavaka ataontsika, indrindra rehefa manao ny asany sy manampy ny hafa isika.

Anontonio ny amin'izay ilainy ny ankizy mba ahafahan'izy ireo manampy ny hafa, ary miaraha manao vavaka fohy aminy.

## **Soso-kevitra mahakasika ny endriky ny fandaharam-potoana**

**Toerana :** ao am-piangonana, any ivelany eny ambanin'ny hazo, na, raha vitsivitsy ny mpivory, dia azo atao ny manatanteraka ny fivoriana ao anaty efitrano kely izay ahafahana mitokana ary lavitry ny tabataba.

**Fanokafana :** Manome endrika ny fanompoam-pivavahana mandrakariva ny mozika. Noho izany, dia atombohy amin'ny hira fiderana mba hanentana ny fanahy ho amin'ny fiankohofana sy ny fikatsahana an'Andriamanitra ny fotoana. Manasà antokon'olona vitsivitsy hizara fijoroana vavolombelona mandritry ny 30 segondra, ny amin'ny valim-bavaka noraisin'izy ireo, na hidera an'Andriamanitra eny anelanelan'ny hira.

**Fiarahabana :** Tokony hiarahaba ny mpivory ny Mpitarika ary hanome toromarika amin'ny teny fohy.

- Ity fotoana ity dia natokana hivavahana sy hikatsahana an'Andriamanitra.
- Mijanona ho tsiambaratelo avokoa ny zavatra rehetra hifampizaràna, ka tsy tokony hivoaka ny efitrano fivoriana.
- Aoka tsy ho dodona amin'ny fanangonana antom-bavaka. Hazavao fa fotoana natokana hivavahana izao fa tsy hifampiresahana. Noho izany, izay mety ho antom-bavaka dia entina mandritry ny fotoam-bavaka, fa tsy dinihana mialoha.
- Aoka hahazo aina tsara. Aza misalasala mifindrafandra toerana – mipetraka, mandohalika, sns...
- Andrandrao ny lohanao rehefa mivavaka. Ataovy amin'ny feo mafy ny vavaka mba ho ren'ny rehetra.
- Mihoatra nohon'ny teny tsotra ny vavaka. Takio ny Tenin'ny Soratra Masina ary angataho amin'Andriamanitra indray ireo teny Fikasany. Miaràha manao hira andininy iray na roa.
- Raha misy olona mivavaka ho an'ny filàna manokana, na ho an'ny olona iray, dia assaina avokoa ny rehetra hiara-hiombona amin'izany antom-bavaka izany, na ny olona iray hanonona izany amin'ny feo mafy. Misy hery ao amin'ny fandrenesana ny hafa mivavaka ho an'ny filàna sy ireo olona ao am-ponao. (Mat. 18:19).
- Takio am-bavaka ny fahamarinana, ny sorona, ary ny asa izay tanterahan'i Kristy. (Jaona 14:14 ; Apôkalipsy 8:3).
- Raha azo atao, ampiasao ao anatin'ny vavaka ny mpisolo anarana « izahay », « isika » sy ny « anay », fa tsy ny hoe « izaho » sy ny « ahy » (Matio 6:9-13)
- Ny lohahevitra amin'ity folakandro ity dia hoe « Vavaky ny Mpamaky lay ». Eo ampanombohana dia asaivo mifandimby mamaky ny tahirin-kevitra misy ny fijoroana vavolombelona ny rehetra. Avy eo dia mivavaha ho an'ny ankohonana rehetra, ireo namana, ny mpanatrika rehetra ary ho an'izao tontolo izao.

### **Hafatra ho an'ny Mpitarika :**

- Tsarovy fa tsara ny fahanginana mandritry ny fotoam-bavaka. Aoka tsy hitady izay hamenoana ny fahanginana na hamarànana ny fotoam-bavaka aloha loatra. Ny sasany mety hihazakazaka hanao vavaka fohy ; ny hafa kosa dia haka fotoana malalaka tsara hanononana vavaka amin'ny feo mafy. Rehefa mangina avokoa ny rehetra dia aza maika hamarana. Manisà segondra vitsy aloha – na dia 30 segaondra monja aza raha tsy dia mahazaka fahanginana loatra ianao – hamelàna ny Fanahy Masina hamelombelona ny rehetra.

- Raha toa ka tsy mahazatra ny mpivory miaraka aminao loatra ny miara-mivavaka eo anivon'ny vondrona, ny manonona Teny Fikasàna avy ao anatin'ny Soratra Masina ary ny mihira mandritry ny fotoam-bavaka, dia mety ho azonao atao ny maneho ohatra. Na miangavy olona mialoha haneho ohatra, amin'ny alàlan'ny fanononana iray amin'ireo antom-bavaka voarakitra ao amin'ny tahirin-kevitra misy ny fijoroana vavolombelona na mitarika hira mandritry ny fotoam-bavaka. Raha natao laharam-pahamehana ny fakàna fotoana mba hivavahana, dia tokony ho tombontsoa koa izany hampianarana ny mpanatrika hivavaka eo anivon'ny vondrona.

Toriteny : Raha tsy mbola vonona hozaraina ny toriteny dia azon'ny mpitarika na izay voatendry atao ny mamaky izany mialohan'ny fotoam-bavaka.

Fotoam-bavaka : Nomena hotanterahana mandritry ny fotoam-bavaka ny ambangovangon'ny « Vavaky ny Mpamaky Lay ». Ny Mpitarika no tokony hitarika ho amin'ny vavaka, hanomboka amin'ny alàlan'ny fampiasàna ny tahirin-kevitra fijoroana vavolombelona ary hanao izany ho tari-dalana.

Famaranana : Faràno amin'ny fotoam-bavaka arahana fideràna sy fisaorana ny fotoam-bavaka. Angamba mba ho ilaina ny misafidy hira iray na roa ho famarànanana ny fandaharam-potoana.

*Ny fiangonana sasany dia mety hisafidy ny hiara-hisakafo aorian'ny fotoam-bavaka, ho famarànanana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra dia tsotra ny sakifo, kanefa aoka hahasarika ny fanamboarana ny latabatra mba hisian'ny rivo-piaianana manokana.*

**FANAMPINY**

**Toriteny ho an'ny Androm-bavaka sy Fifadian-kanina, 4 Janoary 2020**

## **Miasa ny Vavaka**

Nosoratan'i Richard Constantinescu, Pastora ary mambran'ny vaomieran'ny Fifohazana sy Fanavaozana

Fantatro fa miasa ny vavaka. Fony aho teny amin'ny sekoly fampiofànanana arak'asa, nialoha indrindra ny nanitsahana ny taona arivo vaovao, dia nisy ratra nahazo ahy teo amin'ny hazondamosiko. Nitarika fanaintainana sy olana teo amin'ny vatako izany. Nanatona dokotera aho, saingy tsy nisy azony nanampiana ahy. Nandritry ny herinandro dia tsy nijanona mihitsy ny fanaintainana tao amin'ny hazondamosiko, hany ka tsy afaka nipetraka mihitsy aho ary tsy afa-namindra ara-dalàna fa nandringa teny foana. Nihombo ary niha-ratsy isan'andro ny fanaintainana nahazo ahy. Tsy afaniasa aho.

Nanao ny asan'ny mpampiely boky aho tao amin'izany sekoly izany. Sady mahazo vola no mizara ny finoako. Ao anatin'ny andro vitsy monja no tsy maintsy namitako an'i Reno, Nevada – miara-miasa amin'ny vondrona mpampiely boky hafa. Fantatro fa tsy afaka ny hanatanteraka ny fitetezan-trano aho. Nahoana aho no tsy nositranin'Andriamanitra mba ahafahako miasa sy mamonjy fanahy ?

Tsaroako tampoka ny Marka 11:24, andinin-tSoratra Masina efa fanaoko tsianjery. Nanao izao Teny Fampanantenana izao i Kristy : « Na inona na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany. » Nanapa-kevitra ny hitaky io Teny Fikasàna io aho. Nieritreritra aho fa raha sitrapon'Andriamanitra ny hanaovako ny asany dia adidiny ny manasitrana ahy, hahafahako manao ny asany. Raha tsy sitrapony izany dia tsy tokony hatahotra ny amin'izany intsony aho. Vonona ny hanaiky izay sitrapony aho. Nandohalika tao amin'ilay efitrano foana aho, nitaky ilay Teny Fikasàna.

Nolazaiko tamin'Andriamanitra ny fanaintainako sy ny faniriako ny hiara-hiasa Aminy. Nolazaiko azy fa inoako fa afaka ny hanasitrana ahy Izy, arak'izay voasoratra ao amin'ny Marka 11.24, ary miankina Aminy aho. Nangataka aho hoe, raha sitrapony, dia afaka ny hanasitrana ahy amin'ny anaran'i Jesosy Izy. Taorian'ny vavaka tsotra sady fohy, dia nanonona « Amena » aho. Vantany vao voatonoko ny « Amena » dia tsapako toa nisy tånana nikasika ny soroko havanana, avy ao aoriane, ary nisy hery nanasitrana nidina nanaraka ny hazondamosiko, tonga hatrany amin'ny faladian-tongotro. Nijoro tamin'ny tongotro aho, ary injao fa afaka tanteraka ny fanaintanana izay nahazo ahy. Tamin'izay andro izay dia nihazakazaka nitety trano, niaraka tamin'ireo bokiko aho !

Eny, miasa ny vavaka. Bevhoka ny zanakay voalohany ny vadiko, fony aho nianatra teny amin'ny seminera. Sahirana mafy tokoa izahay mivady tamin'izany, ary tena zava-dehibe ho anay ny torimaso amin'ny fanaovana ny asa fanompoana sy ny fianarana. Talohan'ny nahaterahan'ny zanakay dia efa nitalaho sy nivavaka tamin'Andriamanitra izahay mba hahitan'ny zanakay torimaso tsara amin'ny alina. Tsy ho an'ny tombontsoanay, fa mba hahafahanay mahita fahombiazana amin'ny asa izay hotanterahanay, ary hanananay fahasalamana ho an'Andriamanitra.

Tamin-kery lehibe no namalian'Andriamanitra izany vavaka izany ! Fara-fahakeliny, 11 ora no faharetan'ny torimason'ny zanakay voalohany, isan'alina. Indraindray aza mahatratra hatramin'ny 14 ora izany, ka natahotra indray izahay sao sanatria ka tsy mifoha intsony ilay zaza ! Nataonay ho an'ireo zanakay telo hafa koa izany tonombavaka izany. Izy rehetra dia samy nahita torimaso, fara-fahakeliny 11 ora isan'alina. Tsy mbola fantatray mihitsy izany miari-tory mandritry ny alina miaraka amin'ny zazakely izany !

Eny, miasa ny vavaka. Indray andro, tao amin'ny Seminera, dia nisy zavatra vitsivitsy tokony hovidiako ho an'ny vadiko sy ireo zanako. Roa dolara ihany anefa no mba nananako niampy vola madinika vitsivitsy.

Amin'ny maha-vady sy ray ahy dia somary nalahelo ihany ny tenako satria tsy mba afaka hanome fahafaham-po ny ankohonako. Tsaroako ny Teny Fikasana ao amin'ny Filipiana 4.19 : « Fa [Andriamanitro](#) hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin' ny voninahitra no amin' i [Kristy Jesosy](#). » Tsaroako koa ny 1 Timoty 5.8, izay milaza hoe « Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza. »

Dia nieritreritra aho hoe, raha Andriamanitra no Raiko, moa tsy hanome ahy izany va lzy ? Nandohalika aho ary nanonona izao vavaka fohy izao : « Ray ô ! Efa nampanantena ahy lanao fa hanome ahy izay tokony ho ahy, ao amin'ny Filipiana 4:19. Mila ireto zavatra ireto ho an'ny ankohonako aho, kanefa tsy manam-bola hividianana izany. Hoy lanao hoe, raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia nandà ny finoany izy. lanao no Raiko, ary fantatrao ny tokony hatao hamelomana ny ankohonanao. Anisan'ny akohonanao aho, ary lanao dia mihazona mandrakariva ny Teninao. Mitalaho Aminao aho mba hanome ahy anio, mba hahafahako manome ny ankohonako. Amin'ny anaran'i Jesosy ! Amena ! »

Ny harivan'iny, rehefa avy namita ny asako tao amin'ny trano fanontam-pirintin'ny Oniversite aho dia nandray ilay karama kely. Noraisinay ny fiara dia nankany amin'izay magazay tsy dia lafo entana loatra izahay mba hahafahana mividy zavatra vitsivitsy. Efa madiva hilentika ny masoandro tamin'izay. Tamin'izay indrindra no Indro nisy tovovavy mpianatry Oniversite iray, nitaingina bisikileta kely dia kely, nanontany anay izay toerana mety hahitâna fivarotan-tsakafo mahasalama ary lafo kokoa eo antanâna.

Dia natorotoroko azy teo ny lâlana. Efa mandroso ho maizina anefa ny andro, ka noheveriko fa metimety kokoa raha hampidiriko ao anaty fiara fotsiny ny bisikiletany dia hoentiko avy hatrany any amin'ilay toerana izy. Lâlana eo amin'ny iray kilaometatra sy sasany mahery kely eo fotsiny izany. Indrisy anefa fa tsy ampy, hahafahako mitondra azy any amin'ilay toerana ny soliky ny fiaroko, satria tsy maintsy mbola hiverina koa aho hijery ilay magazay moramora vidin'entana ho anay. Tapakevitra ary izahay fa hividy izay mety ho takatry ny volanay ao amin'ilay magazay lafo vidin'entana kokoa – izay tena efa nosorohanay arak'izay azo natao.

Teo am-pitetezana ilay magazay lehibe indrindra no nisy vehivavy njoro tampoka nanoloana anay, teo amin'ny lalantsara, manelanelana ireo vokatra hita tao amin'ny magazay. Hay tsy hafa fa anisan'ny mambra tao anatin'ilay vondrona mpiaramanatra Baiboly izay notarihako izy. Rehefa avy nifanatsafa fohifohy teo dia hoy izy : « Tena tsara ny nahitako anao androany ! Efa faniriako foana ny hanome anao ity

zavatra ity ! » Dia nampiditra zavatra tao anatin'ny paosin'ilay akanjo fitondra miasa izy. Nisaotra azy aho – tsy fantattro akory hoe inona ilay zavatra – dia samy nizotra tamin'ny lalanay izahay avy eo. Rehefa nojereko ny paosin'ilay lobako, dia vola 100 Dolara, nivalombalona no hitako tao. Tahaka ireny mpanam-bola be ireny ny fiheveranay mianakavy ny tenanay. Nisaotra an'Andriamanitra izahay ary nanomboka nametraka legioma isan-karazany, voankazo, serealy ary izay mbola mety ho nilainay tao anatin'ireo sarety fitondràna entana. Tsy hay lazaina ny fiderana sy ny fifaliana napololotra tao am-ponay tamin'izany !

Rehefa vita tanteraka ny fantsenana dia nilahatra niaraka tamin'ireo zanakay izahay handoa ny vola. Nisy lehilahy azo lazaina ho feno fahatsoram-po nijoro tao aorianay – olona roa no nanelanelana anay taminy. Nanomboka niresaka taminay izy. Nanontaniany ahy ny toerana fiasako. Dia nolazaiko azy izany. Nilaza izy fa tonga mba hanatrika ny famoahana amin'ny fomba ôfisialy ny zanany izy, ary vao sambany izao no nivahinianany ny tanànanay. Nanontany ahy ny mombamomba ny seminera izy. Izy ihany moa avy eo no namaly ny fanontaniana napetrany tamin'ny hoe « Tsy mora e ? » Dia lasa ny saiko hoe, angamba mpianatra tsy dia mahomby loatra ny fahitana ahy. Noho izany dia tsy hitako izay navaly ny fanontaniany. Notohizany avy hatrany ny teniny, nanao hoe « Amin'ny lafiny ara-bola no tiako hahatongavana kah ! », sady nanisika zavatra tao anatin'ny paosin'ilay lobako indray izy. Nisaotra azy aho – tsy fantattro velively izay zavatra napetrany tao. Rehefa avy nanefa ny vidin'ireo entana novidiako aho dia injao fa vola nivalombalona indray no hitako tao anatin'ilay paosy – mitentina 100 Dollar – toa ilay teo aloha ihany. Moa va tsy fahagagana izany ?

Rehefa nitaky ireo Teny Fikasàn'Andriamanitra aho talohan'izao, dia naniraka ilay mpiantry ny Oniversite nitaingina bisikileta Izy hanampy ahy. Ity farany indray avy eo no nitarika ho ao amin'ilay magazay, izay tsy tokony ho nalehanay velively, dia nomeny 100 Dolara indroa miantoana aho, tao amin'ilay paosin'ny lobako – ny atsasak'izany dia avy amin'ny olona vaovao tanteraka tamiko, izay tsy nifankahita tamiko intsony taty aoriana. Andriamanitra Mahery Andriamanitra ! Andriamanitra tsara sady be fitiavana !

Eny, fantattro fa miasa ny vavaka. Mety hanana ny tantaranao manokana, mahakasika ny valim-bavaka, izay tianao hozaraina amin'ny hafa ianao. Ny vavaka no anisan'ny antony iray lehibe indrindra itiavako ny maha-zanak'Andriamanitra ahy. Tsy noho ireo fitahiana ara-nofo raisiko avy Aminy loatra no mahatonga izany, fa, satria tiako ny vavaka ; satria mahazo antoka mandrakariva aho fa manana Ray izay mikarakara sy tia anay. Tsy misy zavatra mamy mihoatra ny fifampiresahana amin'Andriamanitra sy ny famaliany ny vavaka ataontsika amin'ny alàlan'ny Teniny, ny Fanahiny ary ny fitondràny mahagaga.

Na oviana, na oviana hamakiako, na handerenesako tantara mahagaga mahakasika ny valim-bavaka raisina avy amin'Andriamanitra, dia izao mandrakariva no ao an-tsaiko : « Andriamanitra ô ! Maniry ny mba hahalala anao tahaka izany aho. Miangavy aho, ovay ny foko mba hahafahako mandre ny Fanahinao ary manao ny fanandràman'ny fiasanao eo amin'ny fiainako. »

Tsy misy zavatra mety hahatonga ny olona iray hanana fahamendrehana kokoa noho ny hafa. Isika rehetra dia mila ny Fahasoavan'Andriamanitra avokoa ! Tia ny tsirairay avy amintsika Izy. Arak'izay nolazain'i Petera : « Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra ; fa amin' ny firenena rehetra izay olona matahotra Azy

ka manao ny marina no ankasitrahany. » Azontsika raisina ho antsika koa anio ireo fitahiana mahagaga rehetraavy amin'Andriamanitra – tsy anavahana na iza na iza, rehefa tanteratsika avokoa ireo fepetra rehetra nomena ao amin'ny Teniny ! Raha fanirianao ny hanana fanandràmana lalina miaraka amin'Andriamanitra, dia izao no fotoana tokony hangatahanoa izany Aminy. « Tsy misy fetrany ny fahazoana manao soa eo amin' izay mametraka ny «izaho», ary mamela toerana hiasan' ny Fanahy Masina ao amin' ny fony, ka miaina amin' ny fiainana voatokana tanteraka ho an' Andriamanitra. » (Ilay Fitiavana Mandresy, pp 252.3)

Hanao « mihoatra noho izay rehetra heverintsika aza. » (Efesiana 3.20) Fa ny fiheviny tsy fihevitsika ary ny lalany kosa tsy mba lalantsika. (Isaia 55:8). Izay hany ilaintsika dia ny manatona eo amin'ny sehatry ny Teny Fikasana sy ny Fahasoavan'Andriamanitra ary mitaky ny Teny Fikasan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra ho antsika, ho an'ny fiangonantsika ary no an'ity tanintsika ity. Faniriako ny hanao mandrakariva izany fanandraman'ny fitahiana mandrakizay izany.

Ny fiangonana kristiana voalohany sy ireo advantista mpamaky lay dia nanao ny fanandraman'ny hery mahagagan'Andriamanitra. Tsy mihena ny Herin' Andriamanitra na firy na firy fahagagana vitany. Manana amby ampy ireo sisintany vaovaon'ny fitahiana. Maro ireo harena tsy mbola fahita izay irin'ny Ray omena anao ! Noho ny fahafatesan'i Jesosy teo Kalvary dia nomena ho an'izay rehetra mangataka, mikatsaka ary mitady azy ny haren'ny lanitra ao amin'ny Fanahy Masina. Ireo izay mikatsaka Azy amin'ny fony rehetra dia hahita Azy (Jeremia 29.13). Moa va tsy hitaky izany Teny Fikasana izany ianao ? Vonona ny ho tonga mpamaky lain'ny fivavahana va ianao ? Nahoana no tsy lazainao an'i Jesosy izany fanapahan-kevitrao izany anio ary nahoana no tsy mangataka Azy ianao ny mba hitahiany anao ?

## **Tari-dàlana ho amin'ny Fijoroana Vavolombelona mandritry ny Fotoam-bavaka**

*Testimonies for the Church, vol. 6, pp. 308-318*

Mahafaly an'i Kristy ny mandray an-tànana ireo fitao vany izay tsy misy fanantenana intsony, dia ireo izay nivaivain'i Satana sy niasany tamin'ny alàlany, ka nahatonga azy hamabo ny voninahiny. Fifaliana ho Azy no manafaka azy ireny amin'ny fahoriany sy ny fahatezerana izay tokony hahatratra ireo izay tsy mety mankato. Izy no manao ny zanany ho tonga iraka ho amin'ny fahavitan'ny asany, sy ny fahombiazan'izany, na eo amin'izao fiainana izao aza, dia mahita valisoa sarobidy izy.

Kanefa, inona izany raha oharina amin'ilay fifaliana izay efa nomanina ho azy ireo amin'ny andro lehibe hisehoany ? « Ankehitriny mizaha ao amin' ny fitaratratra isika, ka tsy mahita mazava ; fa rahatrizay, hifanatrika; ankehitriny, tapany no fantatro; fa rahatrizay, hahalala tsara toy ny nahafantarana ahy aho. » 1 Korintiana 13:12

Ny valisoan'ireo mpianatr'i Kristy dia ny miditra ao amin'ny fifaliany. Izany fifaliana izany, izay irin'i Kristy fatratra ihany koa, dia hita ao amin'ilay vavaka nataony tamin'ny Rainy : « Ray ô, tiako mba ho any amiko amin' izay itoerako ireo izay nomenao Ahy. » Jaona 17:24.

Ireo anjely dia efa niandry fatratra ny hiarahaba an'i Jesosy, raha nakarina tany andanitra Izy, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Ireo tompon'ny lanitra dia efa ela no nangetaheta ny handray indray ny Kapitenin'izy ireo, ny hiverenany avy amin'ny tranomaizin'ny fahafatesana. Nifanizina nanodidina Azy ireo ireo, vantany vao niditra ny vavahadin'ny lanitra Izy. Kanefa, nanome baiko azy ireo Izy mba hiverina. Ny fony dia mbola iray amin'ireo andiana mpianatra izay tsy maintsy nilaozany teo antendrombohitr'Oliva ; mbola eo anilan'ireo zanany manana ady amin'ilay mpandrava izay efa miantrana hiady amin'izy ireo Izy. « Ray ô ! », hoy Izy, tiako mba ho any amiko amin' izay itoerako ireo izay nomenao Ahy. »

Ireo novonjen'i Kristy no harena sarobidy ary manokana ho Azy. « Fa ho toy ny vaton-tsatro-boninahitra mamirapiratra eny amin' ny taniny ireny » - « izay haren' ny voninahitry ny lovany eo amin' ny olona masina. » Zakaria 9.16 ; Efesiana 1.18. Ao amin'izy ireo, « Noho ny fisasaran' ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po. » Isaia 53:11.

Moa tsy tokony ho faly koa va ny mpiasany rehefa mahita ny vokatry ny asan'izy ireo ? Nanoratra izao ho an'ireo Tesaloniana vao niova fo ny Apôstôly Paoly : « Fa inona moa no fanantenay, na fifalianay, na satro-boninahitra reharehanay ? Moa tsy ianareo eo anatrehan' i Jesosy Tompontsika amin' ny fihaviany va ? Fa ianareo no voninahitray sy fifalianay. » I Tesaloniana 2.19,20. Dia mbola nampahery ny rahalahiny avy any Filipy koa izy, manao hoe : « mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo », mba « isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin' izao tontolo izao, mitana ny tenin' ny fiainana, mba hisy ho reharehako amin' ny andron' i Kristy, ka tsy ho nihazakazaka foana aho na nisasatra foana. » Filipiana 2:15, 16.

Ny fanaingana rehetra ataon'ny Fanahy Masina izay mitarika ny olona ho amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ho amin'Andriamanitra dia voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Ianitra, ary amin'ny andro farany dia hoderaina ireo mpiasa izay nahatanteraka izany.

Tsy nahafantatra firy izay nataony ilay mpitondratena mahantra nandatsaka ny farantsa kely roa tao amin'ny fandatsahan-drakirity ny Tompo. Efa niasa ary mbola hiasa ao am-po an'arivony maro any amin'ny tany rehetra sy amin'ny fotoana rehetra ny ohatry ny fahafoizan-tena nasehony. Fanomezana maro avy amin'ny ambony saranga sy ny ambany saranga, avy amin'ny mpanan-karena sy ny mahantra no efa nentin'izany ho ao amin'ny fandatsahan-drakirity ny Tompo. Asa maro no efa notohanana'izany, ny fananganana hôpitaly, ny fanomezan-kanina ny noana, ny fanafiana ny mitanjaka, ny fanasitrana ny marary, ary ny fitoriany ny filazantsara amin'ny malahelo. Olona maro tsy tambo isaina no efa voatahy tamin'ny alàlan'io asa tsy misy fitiavan-tena nataony io. Homena ity vehivavy mpitondratena ity ny fahafahana hibanjina ny vokatry ny ezaka nataony, amin'ny andron'ny Tompo – tahaka an'i Maria izay nahaftoy fanomezana sarobidy ho an'ny Mpamony. Firifiry akory ireo olona voasarika hanao ny asam-pitiavana, avy amin'ny fahatsiarovana ilay « tavoara alabastara » vaky ! Hanao ahoana re ny hafaliany rehefa mahita izany rehetra izany ?

Hampitolagaga ny fanehoana ireo hery miasa mangina, sy ny vokatra sarobidy avy amin'izany. Toy ny inona ny fahafaliam-pon'ireo fanahy hifankahita amintsika eo amin'ny kianjan'ny Ianitra, vokatry ny fahatsapany ny fahalianana tamimpionbonam-po sy tam-pitiavana nentina mba ho famonjena azy ireo! Ho an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry ny dera sy ny voninahitra noho ny namonjena antsika. Kanefa tsy hanaisotra ny Voninahitr'Andriamanitra ny fanehoana fankasitrahaha ireo fitaovana izay nampiasainy ho famonjena ireo fanahy efa andalam-pahaverezana.

Hihaona sy hahita ireo izay notarihan'ny saina ho eo amin'ny Mpamony asandratra ny voavotra. Resaka masina manao ahoana re no hifanaovany amin'ireo fanahy amin'io fotoana io e ? « Mpanota aho taloha », hoy izy, « tsy nanana an'Andriamanitra ary tsy nanana fanantenana tany amin'izao tontolo izao ; tonga nanatona ahy ianao, ka nitarika ny saiko ho eo amin'ilay Mpamony Lehibe izay hany fanantenako. Nino Azy aho. Nibebaka tamin'ireo fahotako aho, ka nampitoeriny hiara-mipetraka amin'ny olony masina any amin'ny fitoerana masina any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy. Ny hafa indray hanao hoe : « Mpanompo sampy tany amin'ny tanin'ny fanompoan-tsampy aho. Nandao ireo namanao sy ny tokantranonao ianao ka tonga nampianatra ahy ny hahitako an'i Jesosy sy hinoako Azy ho Ilay hany Andriamanitra Marina. Nandrava ny sampiko aho, ka nanompo an'Andriamanitra, dia izao mahita Azy mifanatri-tava amiko izao. Voavonjy aho ankehitriny, voavonjy mandrakizay sy hahita mandrakizay ilay tiako. Tamin'ny finoana fotsiny ihany no nahitako Azy taloha, fa ankehitriny kosa aho dia mahita Azy, Izy tenany mihitsy. Ankehitriny aho dia afaka maneho ny fankasitrahaha ny famindram-po mahavonjy an'ilay tia ahy, sy nanadio ny fahotako tamin'ny rany. »

**Ny hafa indray haneho ny fankasitranyak ireo izay nanome hanina ny noana sy nampitafy ny tsy nanan-kotafiana : « Raha fahakiviana no namefy ny fanahiko tsy nanam-pinoana, dia nirahin'ny Tompo ho ahy ianao », hoy izy, « mba hitory amiko ny teny mitondra fanantenana sy fampiononana. Nitondra sakafy ho an'ny filàn'ny**

vatako ianao, sy nanokatra tamiko ny Tenin'Andriamanitra, sady namoha ho ahy ny filàko ara-panahy. Noraisinao ho toy ny rahalahinao aho. Nangoraka ahy tamin'ireo fahoriako ianao, ka nampody indray ny fanahiko efa mangana sy maratra, ka nahafahako mamihina ny tanan'i Kristy izay natsotrany mba hamonjena ahy. Nampianatra ahy tamin'ny tsy fahalalako ianao fa manana Ray any an-danitra izay mitsinjo ahy ianao. Novakianao tamiko ireo teny fikasana manan-danja avy amin'ny Tenin'Andriamanitra. Nanolo-tsaina ahy finoana mba hamonjena ahy ianao. Nihanalefaka, resy lahatra, ary tohina ny foko rehefa nibanjina ny asa fisoronana nataon'i Kristy ho ahy. Nanjary noana ny mofon'ny fiainana aho, ary lasa zava-dehibe tamin'ny fanahiko ny fahamarinana. Eto aho ankehitriny, voavonjy, voavonjy mandrakizay, ary hiaina mandrakizay amin'ny fanatrehany sy hidera Azy – Ilay nanolotra ho ahy ny fiainany. »

Hafaliana manao ahoana re izany rehefa mihaona sy miarahaba ireo izay nitondra vesatra tamin'ny anarany ny voavotra ! Ary ireo izay miaina, tsy nankasitraka ny tenany, fa fantsona nitondra fitahiana ho an'ny mahantre izay nahazo fitahiana koa – fahafaham-po manao ahoana re no hampangorakoraka ny fony e ! Ho hitany ny fahatanterahan'ny Teny fikasana hoe : « Hotahiana anie ianao, fa tsy afaka manome valisoa ireo izay notaominao, fa homena valisoa kosa ianao amin'ny fitsanganan'ny marina. »

« Dia hiravoravo amin' i Jehovah ianao, ary hasandratro ao amin' ny havoana amin' ny tany ianao, sy hofahanako amin' ny lovan' i Jakoba rainao; Fa ny vavan' i Jehovah no efa niteny. » Isaia

58:14

« Aza matahotra... Izaho no ampinganao sy valim-pitia lehibe indrindra ho anao. » Genesisy 15:1

« Izaho no anjaranao sy lovanao. » Nomery 18:20

« Ary izay itoerako, dia ao koa no hitoeran' ny mpanompoko. Jaona 12:26

## Ambangovangon'ny Vavaka : Vavaky ny Mpamaky Lay

**Fanokafana :** Ireto loha-hevitra mahakasika ny vavaka manaraka ireto dia nalaina avy amin'ny Tari-dàlana ho amin'ny Fijoroana Vavolombelona, izay tokony hiarahan'ny rehetra na ny isam-batan'olona mamaky. Hozarain'ny Mpitarika eny anivon'ny vondrona ny antom-bavaka na hiangavy ny tsirairay izy hisafidy izay lohahevitra tiany hoentina. Ireo izay tere-panahy dia tokony hametraka ny famantarany eo amin'izay faritra banga amin'ny taratasy voarainy – torak'izany koa, ny mpitarika dia tokony handray an-tsoratra ireny antom-bavaka ireny. Azon'ny mpitarika atao ny manokatra ny vavaka amin'ny fisaorana an'Andriamanitra, noho ireo olona vory, manatrika ny fotoam-bavaka sy fifadian-kanitra ary mangataka ny mba hitahiany ny fon'ny tsirairay. Mialoha ny hanononan'ny olona iray antom-bavaka vaovao, dia tokony hiezaka hanontany amin'ny feo mafy ilay teo aloha izy, raha efa afaka manohy ny vavaka amin'izay na tsia. Aoka ho fohy, tsy mihoatra ny roa minitra ny vavaka ataon'ny tsirairay.

1. \_\_\_\_ Misaora an'Andriamanitra satria fifaliana ho Azy ny mandray ireo izay nohamainon'i Satana, sy nanaiky hiasany ary noho ny nanomezany azy ireny ny fahasoavany. (Romana 5:8).
2. \_\_\_\_ Mivavaha mba haneken'Andriamanitra antsika ho irany amin'ny fanata nterahana ny asany. (Asa 1:8).
3. \_\_\_\_ Mivavaha mba hidirantsika amin'ny fifalian'i Kristy ho famonjena fanahy maro (Hebreo 12:2).
4. \_\_\_\_ Misaora an'Andriamanitra satria iray fo amintsika Izy amin'ny ady izay ifanaovantsika amin'ilay mpanimba ny tany. (Isaia 59:19).
5. \_\_\_\_ Mivavaha mba, tsy ho ela, dia hiaraka amin'i Jesosy any an-danitra isika. (Jaona 17:24).
6. \_\_\_\_ Misaora an'i Tompo Jesosy noho ny nanekeny hijaly ho antsika sy noho ny fitiavany antsika. (Isaia 53:11).

**10 minitra**, natokana ho an'ny « fotoam-bavaka malalaka ». Rehefa vita ny anjaran'izay terem-panahy farany, dia manomboka ny « fotoam-bavaka malalaka ». Eto no fotoana fanandratana ireo antom-bavaka hafa. Aoka hanendry olona hitarika hira, andininy iray ho famaranana ny « fotoam-bavaka malalaka ».

7. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahatonga ny fiangonan'Andriamanitra ho « « mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka », mba « « isehoany tahaka ny fanazavana eo amin' izao tontolo izao, mitana ny tenin' ny fiainana. » (Filipiana 2:15, 16).
8. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahatonga anao ho fitaovana ho an'ny asan'ny Fanahy Masina. (1 Korintiana 12:6, 7).
9. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahatonga antsika ho voasarika ho amin'ny fahafoizana, tahaka ilay vehivavy mpitondratena, nahafoy farantsakely roa.
10. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahatonga antsika ho voasarika ho amin'ny fahafoizana, tahaka an'i Maria, nanositra menaka manitra ny tongotr'i Jesosy.
11. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahafahantsika mitarika ny mpanota eo amin'ny Tompo. (Jaona 12:32).
12. \_\_\_\_ Mivavaha mba handehanantsika amin'izay toerana hitondran'Andriamanitra antsika, hizara ny filazantsaran'i Jesosy. (Matio 28:19).

**10 minitra**, natokana ho an'ny « fotoam-bavaka malalaka » : Mihira hira andininy iray ny mpitarika hira.

13. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahafahantsika mampitafy ireo tsy manan-kotafiana sy manome hanina ny noana ary manokatra ny Tenin'Andriamanitra ho azy ireny. (Jakoba 2:15, 16).
14. \_\_\_\_ Mivavaha mba hahafahantsika manohana ireo izay very. (Lioka 19:10).
15. \_\_\_\_ Misaora an'Andriamanitra satria handray ny valisoantsika isika amin'ny fitsanganan'ny marina. (Lioka 14:14).
16. \_\_\_\_ Misaora an'Andriamanitra satria « hasandratra ao amin' ny havoana amin' ny tany isika ». (Isaia 58:14).
17. \_\_\_\_ Misaora an'Andriamanitra satria Izy no « ampingantsika sy valim-pitia lehibe indrindra ho antsika ». (Genesisy 15:1).
18. \_\_\_\_ Mivavaha ho an'ireo Mpitonundra Fiagonana sy ireo solontena rehetra izay miomana ho amin'ny Fivoriamben'ny Foibe Maneran-tany.

**5 na 10 mn**, natokana ho an'ny « fotoam-bavaka malalaka » : Manokàna fotoana ho an'ny fisiorana sy ny fiderana, miaraka amin'ny mpamarana ny fotoana. Hisaorana Andriamanitra !

## Fanasana ho amin'ny Vavaka sy Fifadian-kanina

« Manomboka amin'izao fotoana izao no ho mankany, mandra-pahatongan'ny fahataperan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho dodona kokoa, hifoha tanteraka amin'izay, ka tsy hitoky amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'ilay Mpitarika azy ireo kosa. Tokony hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy hilaina ny hifady sakafo tanteraka, fa tokony hihinana kely ihany izy, dia sakafo faran'izay tsotra indrindra. » (Any am-parany any, pp 97.1)

Matetika ny fifadian-kanina no efa fomba fiainan'ny mpino mihitsy – tahaka ny fivavahana sy ny fianarana Baiboly. Raha ny marina, ny ankamaroan'ireo olo-malaza voalaza ao amin'ny Baiboly dia nifady hanina avokoa. Raha mandinika mahakasika ny fifadian-kanina, ao amin'ny Baiboly ianao, dia ho hitanao fa, mivavaka sy mifady hanina mandrakariva ny vahoakan'Andriamanitra. Miasa amin'ny fomba mahagaga amin'ny alàlan'izy ireny Andriamanitra. Niainga avy tamin'ny fanafahana azy ireny tamin'ny ady izay nifanaovany amin'ny fahavaloo, mankamin'ny hery mahagagan'ny fanafahana avy tao an-tranomaizina, ny fiotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro pentekosta, sy ny sisa maro samihafa – manana ohatra ny amin'izany isika. Ary ireny sary ireny dia miverimberina hatrany teo amin'ny tantaran'ny kristianisma." (Melody Mason, United in Prayer coordinator, General Conference).

Manasa ny mambra rehetra izahay hiombona aminay mandritry ny andro natokana hivavahana sy hifadian-kanina izay hotanterahana ho an'ny Fiagonantsika, indrindra ireo izay irinay hifankafantatra amin'i Kristy, ao anatin'ny firaosana tena izy, izay hitondra ho amin'ny famonjena sy fiaianana feno fanoloran-tena amin'Andriamanitra. Andeha isika hivavaka ho an'ireo zanatsika, namantsika, ankohonantsika, mpiray vodirindrina amintsika, mpiara-miasa amintsika, ary ny fiaraha-monina izay misy antsika.

Ny fifadian-kanina dia ambony lavitra nohon'ny tsy fihinanan-kanina. Izay tena tian'ny fifadian-kanitra hohamafisina dia tsy ny fandinganana sakafo, fa ny fampitomboana ny vavaka. Ny fifadian-kanina dia fisafidianana tsy hanao zavatra iray, mba hahafahana mifantoka misimisy kokoa amin'ny fivavahana. Maro no misafidy ny handingana sakafo, kanefa tsy ny rehetra no afaka tsy misakafo tanteraka ary tsy ny rehetra ihany koa no misafidy izany fomba fifadian-kanina izany. Mety hisafidy ny hanao sakafo tsotra sy maivana ianao. Na mety hisafidy ny tsy hihinana karazan-kanina iray na roa ianao, toy ny tsindrin-tsakafo na ireo vokatra avy amin'ny industria. Ao anatin'ny zavatra azo fadiana ihany koa ny haino aman-jery, ny fahitalavitra, ary ireo fahazarana mpandany ny fotoanantsika.

Raha misafidy ny hifady hanina tanteraka ianao (aoka ho azonao antoka tsara fa efa nisotro rano sy/na ranom-boankazo ampy tsara ianao), dia ampiasao ho amin'ny fivavahana ny fotoana laninao matetika amin'ny fandrahoana sy ny fisakafoanana. Raha misafidy ny tsy hihinana karazan-kanina iray na roa ianao dia matetika no alaim-panahy hihinana azy ireo indray. Raha izany no mitranga dia mivavaha avy hatrany. Isak'izay alaim-panahy hanopy maso ny tambajotra ara-tsôsialy ianao, dia mivavaha avy hatrany.

Tsarovy fa tsy antoka handraisanao valim-bavaka araka ny fanirianao ny fifadian-kanina. Ny fifadian-kanina dia midika fa handre na hamaly antsika misimisy kokoa

Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia mahakasika izay ao am-po sy ao an-tsaintsika manokana. Mahatonga antsika hahafantatra misimisy kokoa ny amin'ny fahalementsika ary hiankina misimisy kokoa amin' Andriamanitra izany. Ny fifadian-kanina dia miteraka finiavana hivavaka ary mampahatsihy antsika mba hifantoka misimisy kokoa amin'ireo antom-bavaka manokana ao anatin'ny fontsika lalina.

Manasa anao izahay mba hivavaka aloha ary manontany an' Andriamanitra ny amin'ny fomba tokony hifadianao hanina – Inona no angatahany aminao mba hialanao, mba hahafahanao manam-potoana misimisy kokoa hivavahana Aminy ?

Avy eo dia manasa anao izahay mba hiombona aminay mandritry ny andro manokana natao hivavahana sy hifadian-kanina ho an'ny Fiangonana. Eny fa na dia nisafidy ny tsy hifady hanina mihitsy aza ianao. Manokàna fotoana hivavahana sy hanasàna an' Andriamanitra hanomana ny fonao sy ny saihao, mialohan'ny fanompoam-pivavahana maraina. Mangataha Aminy mba hanehoany aminareo izay mety ho fahotana mampisaraka Azy aminao. Ibebahio ireo. Mangataha fanadiovana, fanasitrana ary famelan-keloka. Angataho mba hanehoany aminao ireo olona tiany hoentinao am-bavaka. Ento amin'ny fotoam-bavaka mandritry ny folakandro ireo anarana ireo, ary hiaraka hiombom-bavaka aminao ho azy ireo izahay.

Misy ireo izay tsy mahazo aina loatra amin'ny fanononana vavaka amin'ny feo mafy. Izany no antony tsy mba handraisany anjara amin'ny vavaka iarohana eo anivon'ny vondron'olona. Manasa anao izahay, na izany aza, mba hiaraka aminay. Afaka manao vavaka mangina ianao, manandratra ireo antom-bavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ireo olona na zavatra izay napetrak' Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay manahy fa « tsy mendrika » ny vavaka asandrany : fantaro fa tsy ireo teny mivoaka avy amin'ny vavanao ihany no ren' Andriamanitra, fa ny fonao koa. Tsy mitady ireo vavaka « mendrika » Izy, fa ireo mpivavaka izay tena mikatsaka Azy amin'ny fo tokoa. Eny, na dia ireo « vavaka feno fisalasalana » aza – miambakavaka ny fitenintsika, ka mety tsy tena afaka « hiteny araka ny tokony ho izy ». Na dia tsy fantatratrao aza izay tokony ho antom-bavakao – fantany izany. Mandre Izy. Ary manasa antsika Izy fa hiara-hivavaka.

« Ary lazaiko aminareo koa : raha misy roa aminareo mifanaiky etý ambonin' ny tany na amin' inona na amin' inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin' ny Raiko Izay any an-danitra izany. » (Matio 18:19)

Fanirianay ny hiara-hiombom-babaka aminao.